WIKIPEDIA

Fiteny soedoa

Ny **fiteny soedoa** (*svenska*) dia fiteny jermanika tenenina any avaratr' Eoropa. Ny isan'ny olona miteny io fiteny io dia folo tapitrisa ; ny ankabeazan'ny mpiteny soedoa dia any Soeda ary misy fikambanana vitsivitsy any Finlandy, ireo firenena ireo mampiasa ny fiteny soedoa ho teny ofisialy.

Ny fiparitahan'ny olona miteny soedoa

Ny fiteny soedoa dia fiteny mitovitovy endrika amin'ny fiteny norvejiana sy ny fiteny Danoa, ary mety mifankahazo ny olona miteny iraika amin'ireo teny telo ireo. Ny anton'ny fifankahazoana ny mpiteny soedoa, danoa sy norvejiana dia zareo avy amin'ny fiteny norsa taloha, fiteny tenenin'ny foko jermanika tany Skandinavia nandritry ny fitaona ny Viking.

Ny fiteny soedoa tsotra, tenenin'ny ankabeazan'ny olom-pirenena soedoa, dia tenim-pirenena avy amin'ny fiteny soedoa maromaro notenenina teo amin'ny faritra afovoany tamin'ny taonjato faha 19 hatramin'ny fanombohan'ny taonjato faha roapolo. Ny fiteny soedoa soratana dia iray ihany, fa ny fiteny soedoa tenenina dia arakaraky ny faritra isiana. Ny fiteny sasantsasany dia mety samihafa be amin'ny fiteny soedoa tsotra na amin'ny lafin'ny fitsipi-pitenenana na amin'ny lafin'ny voambolana ampiasaina, ary mety tsy mifanitsy amin'ny fiteny soedoa tsotra izy. Ireo fiteny sarotra azo ireo dia voafetra amina velarana ny ambanivohitra ary vitsivitsy ihany ny isan'ny olona miteny azy. Ankehitriny ny ankabeazan'ny fitenim-paritra mitady ho very fa ampazoton'ny governemanta sy ny fahefana ny soedoa hiteny ny fitenim-paritra.

Ny rafitry ny fehezanteny dia Mpanao-Matoanteny-Fameno, fa mety ovaovaina izy arakaraky ny teny ampiasaina sy ny fehezanteny ; mitovitovy amin'ny teny anglisy ny endriky ny fiteny soedoa, fa betsabetsaka kokoa nohon'ny teny anglisy ny fiovan'ny teny. Misy karazan-teny roa, tsy misy fiovana ara-pitsipi-pitenenana, misy fiovan-teny arak'isa (nombre). Betsaka ny isan'ny zanapeo amin'ny fiteny soedoa ary mifanakaiky izy matetika.

Votoatiny

Ny filaharan'ny fiteny soedoa

Tantara

- Ny fiteny norsa taloha
- Ny fiteny soedoa taloha
- Ny fiteny soedoa ankehitriny

Fizarana jeografika

- Sata ofisialy

Fiteny

- Fiteny soedoa tsotra
- Soedoa any Finlandy

Feo
Renifeo
Zanapeo
Fanoratana
Fitsipi-pitenenana
Jereo koa
Rohy ivelany
Miteny anglisy
Grammars
Increase vocabulary
Dictionaries

Ny filaharan'ny fiteny soedoa

Tantara

Tamin'ny taonjato faha sivy, ny fiteny norsa taloha dia lasa nipoiran'ny fiteny norsa andrefana (Islandy, Norvezy) sy atsinanana (Soeda, Danmarka). Tamin'ny taonjato faha roa ambin'ny folo, niova ho lasa samihafa ny fiteny norsa notenenina any Danmarka sy any Soeda, ny anaran'ny teny tenenina amin'ireo faritra ireo dia fiteny danoa taloha ary fiteny soedoa taloha. Ny fiteny norsa rehetra isan-karazany dia voaanjadin'ny fiteny jermana ambany nandritry ny taonjato faha 13 hatramin'ny taonjato faha 16.

Ny fiteny norsa taloha

Tamin'ny tapnjato fahavalo, ny fiteny jermanika niraisana tao Skandinavia, ny Proto-Norsa, dia niova endrika ho lasa fiteny norsa taloha. Io fiteny vaovao mbola teny iraisan'ny mponina skandinaviana, dia mbola niova toetra fa tsy manerana ny Skandinavia, ny vokatr'io fiovana an-toerana io dia mampipoitra fiteny roa mifanakaiky : ny fiteny norsa taloha andrefana (tenenina any Norvezy sy any Islandy) ary ny fiteny norsa taloha atsinanana (tenenina any Soeda sy any Danmarka).

Ny fiteny soedoa taloha

⚠ Misy zavatra tsy ampy anatin'ity fizaràna ity. Ilaina mandray anjara ianao (https://mg.wikipedia.org/w/index.php?title=Fiteny_soedoa&action=edit) !

Ny teny hoe « fiteny soedoa taloha » dia teny ampiasaina mba hanoro ny fiteny soedoa notenenina tamin'ny fanombohan'ny taonjato faha telo ambin'ny folo (1225). Ao amin'ny taratasy manan-danja indrindra nosoratana tamin'ny abidy latina dia ny lalàm-paritany, ny *Västgöta na ny* Västgötalagen, *nahitana singan-taratasy nosoratana tamin'ny 1250.*

Ny fiangonana katolika romana tamin'izany fotoana izany dia nampiditra teny maro avy amin'ny fiteny latina tao amin'ny fiteny soedoa.

Ny fiteny soedoa ankehitriny

Fizarana jeografika

Sata ofisialy

Fiteny

Fiteny soedoa tsotra

Soedoa any Finlandy

Feo

Renifeo

Zanapeo

Fanoratana

Fitsipi-pitenenana

Jereo koa

Rohy ivelany

Miteny anglisy

Grammars

- A concise Swedish Grammar (http://www.lysator.liu.se/language/Languages/Swedish/Grammar.html), prepared by Leif Stensson.
- Swedish basic course (http://www.fsi-language-courses.org/Content.php?page=Swedish) (student text + audio files), developed by the American Foreign Service Institute.

Increase vocabulary

- Swedish Flashcard Site (http://www.swedish-flashcards.com/)

Dictionaries

- Swedish-English (http://lexin2.nada.kth.se/swe-eng.html)/Swedish-Arabic (http://lexin2.nada.kth.se/sve-ara.html)/Swedish-Russian (http://lexin2.nada.kth.se/sve-rys.html)/Swedish-Spanish (http://lexin2.nada.kth.se/sve-spa.html) Dictionaries from Språkrådet - Institute for Language and Folklore (http://lexin2.nada.kth.se/)
- tyda.se (http://tyda.se/)
- sv.wiktionary (https://sv.wiktionary.org/wiki/Wiktionary:Huvudsida)
- People's dictionary (http://folkets-lexikon.csc.kth.se/folkets/folkets.en.html)
- Swedish Dictionary (http://www.websters-online-dictionary.org/translation/Swedish/) from Webster's Dictionary (http://www.websters-online-dictionary.org/)
- Project Runeberg's digital facsimile edition of *Nordisk familjebok* (http://runeberg.org/nf/#en), the definitive Swedish-language encyclopaedia of the late 19th and early to mid 20th centuries.
- Norstedts Swedish-English online dictionary (http://www.norstedtsord.se/)

Hita tao amin'ny "https://mg.wikipedia.org/w/index.php?title=Fiteny_soedoa&oldid=767570"

Voaova farany tamin'ny 24 Martsa 2015 amin'ny 14:09 ity pejy ity.

Azo ampiasaina araka ny fepetra apetraky ny lisansa Creative Commons Attribution-ShareAlike ; Mety misy ny fepetra fanampiny mihatra. Jereo fepetram-pampiasana ho an'ny antsipirihany.